“Saron’ny fahafinaretana ny helo, ary saron’ny fahasahiranana ny Paradisa.”

Tatitra azo avy amin'i Abo Horaira (R.A), fa niteny i Mpaminany (S.A.W) manao hoe : “Saron’ny fahafinaretana ny helo, ary saron’ny fahasahiranana ny Paradisa.”
[Mari-pototra] [Notantarain’i Bokhari]

Manazava i Mpaminany (S.A.W) fa ny afobe dia voadidin'ny zavatra irin'ny fanahy, toy ny fanaovana zavatra voarara na ny fanaovana tsirambina ny adidy. Na iza na iza manaraka ny sitrapony sy ny faniriany amin'izany dia mendrika azy ny Afo. Ary tena marina fa io Paradisa io dia voahodidina zavatra halan’ny fanahy; Toy ny fikirizana amin’ireo fanompoana nodidiana, miala amin’ny zava-boarara, ary faharetana amin’izany, ka raha mifofofofo sy miezaka mafy amin’izany izy dia mendrika ny hiditra any amin’ny Paradisa.

http://sunnah.global/hadeeth/mg/show/3702